Ravalo, Rina, ny RMDM, ny MCFIE, ny CRN,…

Hatramin'ny farany, hiady amin'ny tsy fahamarinana

Nitafa tamin'ny mpanao gazety tetsy Bel'Air Ampandrana afak'omaly ny filoha Marc Ravalomanana, ny kandidà ben'ny tanàna Rina Randriamasinoro, ny avy amin'ny MCFIE, ny CRN,… mitsipaka ny didy savaranonando navoakan'ny Fitsarana misahana ny ady amin'ny fanjakana, toy izao ny fanambaran'izy ireo tamin'izany.

Raha nandalo teto amintsika ny Papa Ray Masina tamin'ny taona lasa iny dia nisy ny hafatra izay nambarany ho an'ny mpitondra sy ny vahoaka Malagasy, indrindra ny hanafoanana ireo fomba fanao izay manome vahana ireo efa manankatao sy ny fanilikilihana eo amin'ny fampandrosoana ny firenena, na ny "pratiques aboutissant à la culture du privilèges et de l'exclusion". Raha nandefa taratasy ho an'i Papa aho, Marc Ravalomanana tamin'ny faha- 4 septambra 2019 iny dia nandefa ny valiny izy ary vao omaly no azoko izany. Tao amin'izany taratasin'i Papa izany no nilazany ny faniriany ho an'ny mpanao politika dia ny mba "ho hadinoina aloha ny tombontsoan'ny tena manokana, fa tokony hiezaka hanangana fiaraha-monina sambatra sy hanjakan'ny fahamarinana ho an'ny vahoaka". Ny mampalahelo dia tsy izay no zava-misy eto amintsika fa mbola mitohy ny fanilikilihana ireo tsy mitovy hevitra amin'ny mpitondra ary miha-mahazo vahana ny tsy fahamarinana eto Madagasikara.

Raha ny talata lasa teo izahay no nanambara fa tsy misy eto Madagasikara izany tany tan-dàlana sy demokrasia izany dia vao mainka miseho hatrany izany amin'izao fitsarana ny fifidianana ho ben'ny tànana farany teo izao. Mibaribary amin'izao tontolo izao ankehitriny fa manjaka ny tsy fahamarinana ary tsy misy intsony ny fanarahan-dàlana eto Madagasikara, fa baiko midina daholo no mifehy ny fitsarana eto. Fanjakana tantanan'ny olombitsy no misy eto ary tsy misy ilana azy intsony ny andrim-panjakana rehetra misy fa voabaikon'ny mpitondra daholo. Ny fitsarana moa mazava ho azy dia tsy manana ny fahaleovantenany, fa miaro fotsiny ny tombontsoan'ny mpitondra, fa tsy mitsara ara-drariny sy araky ny lalàna misy. Izany dia fomba fitantanana hita any amin'ny firenena anjakan'ny didy jadona.

Raha nanao ny fitarainana sy nametraka ireo porofo milaza fa misy fandikan-dàlana nandritr'iny fifidianana farany teo iny dia nilaza ny fitsarana miady amin'ny fanjakana omaly fa tsy misy mitombina ny porofo nentina na iray aza. Ny marina dia terena ho tsy maintsy laniana ny kandidam-panjakana. Ny tany Moramanga aza moa dia iniana haverina ny fifidianana rehefa hita fa nandresy ny kandida natolotray TIM.

Mahavariana ihany ny fanapahan-kevitry ny fitsarana izany satria dia nisy ny mpahay lalàna niaraka namolavola ireny requêtes napetrakay ireny. Mampametram-panonataniana ihany fa dia olona nianatra ny lalàna mitovy aminareo mpitsara ireo olona ireo. Mahafantatra tsara ny lalàna manankery eto amin'ny firenena. Mihevitra ve izany ianareo fa tsy mahay na inona na inona mikasika ny lalàna izy ireo, fa manaonao foana nandrafitra ireny porofo ireny? Raha izany no eritreritrareo dia ny sampana fampianarana lalàna eny amin'ny Oniversite eto Madagasikara mihintsy no misy olana satria olona nianatra sy nivoaka teny izy ireo, noho izany azo lazaina ve izany, fa tsy mahay hatramin'ny mpampianatra lalàna, ka tokony hakatona io làlam-piofanana io. Moa manaiky izany ve ianareo mpampianatra, ka hijery fotsiny ity firenena izay efa hitam-poko hitam-pirenena izao fa tsy manàja sy tsy mampihatra ny lalàna ara-drariny izao?

Tsy izany anefa ny marina fa ny zava-misy dia misy ny tsindry azonareo mpitsara, ka ireo izay te-hitsara ara-drariny sy araky ny lalàna manankery aza dia tsy afamanoatra satria mety mahazo ramatahora avy any amin'ny mpitondra, ka matahotra ny asany sy ny fidiram-bolany. Midika izany fa ireo tsy nianatra momban'ny lalàna indray no manindry sy manome baiko amin'ny fomba fampiharana ny lalàna eto amintsika. Izany hoe efa miroso mankany amin'ny didy jadona ny fitondra ary lasa takalon'aina ireo mpitsara izay tehampihatra ny fahamarinana sy ny lalàna misy. Ny olona atao takalon'aina dia tsy manan-tsafidy intsony, fa tsy maintsy manaiky sy manantanteraka izay tenenin'ireo olombitsy mitazona azy ho takalon'aina. Moa manaiky izany ve ny feon'ny fieritreretan'ny vahoaka Malagasy? Raha ny Papa Ray Masina aza mihaino antsika ary tsy sasatra manao antso avo amintsika mba hananganana fiaraha-monina hanjakan'ny fahamarinana, dia hoy aho amin'ny vahoaka Malagasy hoe: aza kivy ary aza manary toky fa mbola misy ny fanantenana ary ny marina tsy mba maty fa tsy maintsy miseho na dia iniana totofona aza.

Koa manao antso avo aminareo vahoaka aho, aoka isika mba hifoha amin'ny torimaso amin'izay, ka tsy hanaiky ny firenena ho ataon'ny olombitsy takalon'aina. Manao antso avo aminareo Malagasy izay mahatsiaro fa tsy rariny intsony izao zava-misy izao ihany koa aho, fantatro fa maro ianareo, fa saingy mangina, sahia mijoro sy ho saro-piaro amin'ny ho avin'ny firenena, ka tsy hanaiky intsony amin'ny fandikan-dalàna misesy sady tsy misy farany izao. Andao hatambatra ny hery ry vahoaka Malagasy, fa izay mitambatra vato ary ny mitabe tsy ho lanin'ny mamba. Tsy firenena voaozona akory i Madagasikara ka ho firenena mahantra ary handefitra lava amin'ny tsy fahamarinana sy ny fandikan-dalàna.

Nangonin'Isambilo

Ny Valosoa sy fakafaka

Andrim-panjakana

Nahavita nanapotika ny fifampitokisana eo aminy sy ny vahoaka

Hitombo manomboka izao ny hantsana mampisaraka ny fitondrana sy ny vahoaka. Nomontsamontsanin'ny fahefana mpitsara hita miharihary tsara sy mazava izao ny fifampitokisana hany sisa tavela teo amin'ny roa tonta. Efa hatrany amin'ny fifidianana filoham-pirenena no nanaovany izany ary tsy mitsahatra izany fihetsika izany. Ireo andrim-panjakana misy ireo fahefana telo mihitsy amin'ny ankapobeny no minia mikimpy anoloan'izany fahapotehan'ny fifankazahoana izany. Hampanahy ny hoavin'ity firenena ity manoloana ny toe-javamisy. Toe-javatra efa tsy ilàna pitsopitsony amin'ny lalàna akory fa efa hita miharihary tsara izao, na olom-pirenena tsy mahay ny fandehan'ny fifidianana velively aza nahita mazava tsara ireo zavatra tsy mandeha amin'ny laoniny tamin'iny fifidianana iny. Dia mbola ninia nikimpy ihany ny mpitsara. Fa fitondrana inona, ary fitsarana inona ity misy eto amin'ny firenena ity e? Aoka tsy horaisina ho bado na zaza intsony ny vahoaka Malagasy. Ary aoka izay ny fanampempoana azy hanaovana tian-kano tsy tian-kano toy izao, fa tsy vahoaka tsy misy hasiny akory izy.

Marina tanteraka ny filazan'ny mpandinika hoe ireo manam-pahaizana mihitsy no tena manapotika ity firenena ity. Voalohany amin'izany ny eo anivon'ny fitsarana, ary manaraka azy eo ireo sokajin'olona maro samihafa mahazo tombontsoa amin'izao fitondrana izao. Efa hita izao fa misy fivilian-dalana mankany amin'ny fahapotehana sy fahasimbana lalina ny firenena vokatry ny fanosihosena ny fahamarinana eto, kanefa iniana ikimpiana fotsiny izao. Miharihary fa tsy misy fisainana ny amin'ny fitsinjovana ny firenena sy ny taranaka any aoriana velively no atao eto. Firenena tsy hanana hasiny izany i Madagasikara sy hanana ny maha izy azy, raha tsy fahamarinana no ampanjakaina sy arovan'ny fitsarana eto n'inona n'inona ambara. Resaka fandrebirebena vahoaka fotsiny ny ankoatra izay. Tsy hisy zavatra hanjary eto na hihodin-kavia na hihodin- kavanana raha rava tanteraka ny fifampitokisana eo amin'ny vahoaka sy ny fitondrana. Amin'ny fomba ahoana no haneken'ny saina izany raha mbola olom-pirenena vanona ihany ? Raha mahatsiaro ho olom-pirenena vanona dia tsy maintsy mandinika lalina izao lalana itondrana ny firenena ankehitriny izao, ary tsy tafandrimandry tanteraka. Soa fa mbola misy olona ihany eto amin'ity firenena ity tsy mitsaha-mitsangana hiaro ny firenena tsy ho tonga amin'izany lalan-diso be izany ary manohitra izao "loza mananontanona" izao. Izay no hany sisa fanantenan'ny vahoaka.

Sôh'son

Mpitsara maromaro, Tribunal Administratif

Ny ministeran'ny fitsarana sy ny fiadidiana ny Repoblika no tena manindry ny mpitsara

Mpitsara maromaro ao amin'ny Tribunal Administratif na Fitsarana misahana ny ady amin'ny fanjakana omaly, no niantso ny Transparency International hijery ny tsindry mafy misy ao amin'ity fitsarana ity satria tafiditry ny resaka politika izany fitsarana izany, voahosihosy ny lalàna, ka voakasik'izany ireo mpitsara ao. Tokony hampanjakaina ny fanjakana tan-dalàna, mba tsy ho voahosihosy ho amin'ny tombontsoan'olombitsy izany. Nambaran'izy ireo fa ao amin'ny kabinetran'ny ministry ny fitsarana, sy avy amin'ny fiadidiana ny Repoblika no tena manindry ireo mpitsara.

Stefa

Halte aux pressions politiques exercées à l'encontre de la justice administrative !

Des élections libres et transparentes, sous le contrôle d'une juridiction électorale indépendante et impartiale, constituent la base d'une vraie démocratie, condition de tout développement.

Les Tribunaux administratifs ont la charge de traiter, en toute impartialité, les contentieux électoraux portés à leur connaissance, dans le double objectif de sanctionner les irrégularités ayant pu entourer les scrutins et d'en garantir la sincérité, en vue d'en proclamer les résultats définitifs.

Nous, un groupe de magistrats de l'ordre administratif ayant été confronté à des pressions dans le traitement de contentieux électoraux en lien avec les récentes élections communales, avons confié à la société civile malagasy, le soin d'interpeller le grand public sur ces atteintes grave à l'indépendance de la Justice.

Nous déplorons la partialité de certains chefs de juridiction dans la conduite de plusieurs dossiers d'une part, ainsi que les irrégularités suivantes ayant conduit à certaines décisions du Tribunal administratif d'Antananarivo du 8 janvier 2020 d'autre part :

la violation du principe du contradictoire ;

l'absence de transparence en interne : des pièces de dossiers pouvant constituer une preuve d'irrégularités ont été écartées de l'analyse commune desdits dossiers ;

le changement inhabituel du mode opératoire interne observé en matière d'instruction de dossiers électoraux;

le traitement expéditif de certains dossiers et les pressions exercées sur les magistrats en charge des dossiers ;

la violation pure et simple de l'article 73 de la loi n°2001-025 du 9 avril 2003 relative au Tribunal administratif et au Tribunal financier selon lequel "[l]e Tribunal administratif délibère hors la présence des parties. Il prend ses décisions à la majorité des voix de la formation de jugement." Or, la majorité a parfois dû céder face à l'insistance d'une minorité, encouragée et/ou menacée par des éléments extérieurs au Tribunal administratif d'Antananarivo ;

l'empêchement du contrôle demandé par les magistrats dans le but de soulever les irrégularités constatées pendant le traitement des documents électoraux ;

Dans ces conditions qui tuent le noyau même de la fonction de juger, conduisant à un recul certain de l'État de droit, qu'est censé respecter et faire respecter les Tribunaux administratifs dans leurs compétences en matière électorale,

Nous,

Dans le respect de l'esprit de la pluralité démocratique, déclarons ne prendre parti pour aucune des tendances politiques en litige devant les tribunaux administratifs ;

Dénonçons formellement toutes les pratiques citées plus haut, constitutives de violations de la loi par les juridictions censées les faire respecter ;

Sommes convaincus que le secret du délibéré et de l'instruction ne doit pas servir indéfiniment d'obstacle et de prétexte à ce que ces pratiques illégales, malheureusement courantes, restent dans l'ombre et par conséquent impunies ;

Invitons les responsables du Cabinet du Ministère de la Justice et de la Présidence de la République à s'abstenir d'exercer des pressions de toutes sortes sur les Tribunaux et Cours, et à faire en sorte que les promesses de lutte contre la corruption faites par SEM le Président de la République soient suivies d'effets dans la pratique !

Encourageons les magistrats intègres qui se sentent démotivés à garder l'éthique dans la pratique de leur profession, dans l'esprit du serment qu'ils ont prêté, et à oser dénoncer toute forme d'atteinte à leur indépendance, d'où qu'elles proviennent ;

Encourageons enfin tout citoyen à exiger des responsables publics, pacifiquement mais sans relâche, le respect de l'État de droit à Madagascar !

Un groupe de magistrats de l'ordre administratif en charge du contentieux électoral des élections communales et municipales.